
# ALAHADY - KAREMY 5 - TAONA A 2026



## *I KRISTY NO FIAINANA SY FANANGANANA HO VELONA*

Ry Kristianina havana, izao Alahady fahadimy amin'ny karemy izao no atokantsika iarahana manao pelerinajy, fivahinianana masina hiakatra eny amin'ny la montagne. Eny amin'ny "montagne de français" ho antsika eto an-drenivohitry ny diosezy, hiaraka hiakatra any an-tendrombohitra isika, hiaraka handinika ny làlan'ny hazo fijaliana, hiaraka hivavaka mba hihavao tokoa ka hahafahantsika hiaraka hitsangana amin'I Kristy raha miara-maty Aminy amin'ny fahotana, izany hoe hampiakatra ny fiainantsika mba tsy hirefarefa amin'ny tany. Nanaiky ho fahotana i Jesoa na dia tsy mpanota aza mba hanavotra antsika ao anatin'ny fahotana ka hahazoantsika fiainam-baovao ao Aminy, izy tokoa ilay miara-belona amintsika. Ny ezaka ataontsika miakatra an-tendrombohitra dia tandindon'ny famantarana ny ezaka ataontsika rehetra amin'izao Karemy izao, manambara fa eo anivontsika tokoa i Jesoa na dia mafy sy sarotra aza ny fiainana, na dia eo aza ny ADY entin'ny ratsy amintsika, na dia sarotra aza ny DIA izay tanjona ho antsika.

**Vakiteny I :** EZ 37, 12-14
**Tononkira :** Sal. 129,
**Vakiteny II :** Rom. 8, 8-11
**Evanjely :** Jo 11, 1 -45

Azo lazaina fa misy dikany manokana ho antsika eto amin'ny diosezy ity fivahinianana masina 2026 ity satria sady "mampiakatra ny fo amam-panahintsika isika" no mandinika ny sinaody faha-7 fijanonana faha-4 izay mampivondrona ny fiarahan-dia natomboka tamin'ny fijanonana voalohany : "Fianakaviana eglizy kely, miara-mandray an-tanana". Raha ny zava-misy iainantsika na eo anivon'ny diosezy na eo anivon'ny firenena na eo anivon'izao tontolo dia mihotakotaka noho ity ady. Manaraka izany raha misy tontolo iainana tena robaka dia ny zava-boaary eny amin'ny la Montagne des Français. Mila arovana tokoa io harena natolotr'Andriamanitra ho antsika io. Raha manohy ny fanimbana azy isika dia inona no hapetratsika amin'ny taranaka. Eto no tena hahitantsika ny slogana : "Izay mandoro tanety, mamono taranaka, izay mamboly kakazo, izay

miaro ny ala, manome aina". Eto tokoa isika no hibebaka, hiova, hanao fiovam-penitra mahery vaika, hanao changement radical de comportement mba hitondra tokoa amin'ny tena fanarenana sy fihavaozana. Izany no fibebahana andrasana amintsika vokatr'izao fivahinianana masina izao. Hiala amin'ny fomba ratsy nahazatra antsika amin'ny tevy ala, amin'ny doro tanety ka hamelona ny afom-pitiavana entin'ny finoana ary entanin'ny fanantenana ho an'ny taranaka ho avy ka hivelona ny vôkasiontsika hatramin'ny naharian'Andriamanitra antsika : nirahin'Andriamanitra isika hikolokolo, hiaro sy hanjaka amin'ny sahan'ny Edena izay tsy iza fa ity tany misy antsika ity, ity Tranobe iombonana izay norobahintsika ity.

Manampy antsika handray izany hafatra lehibe izany ireo vakiteny telo vakintsika amin'izao Alahady fahadimy ny karemy izao : raha ao amin'i Kristy tokoa isika dia velona ary hanana ny fiainana tokoa, izany no ambaran'ny fitsanganan'i Lazara. Ny bokin'i Ezekiela mpaminany dia mitantara ny tantaram-piainantsika tokoa : raha lavitra an'Andriamanitra isika tahaka ny vahoakan'Israely mandao an'Andriamanitra tsy miara-belona Aminy, fantatsika ny vokany dia ady tsy misy aina. Toraka izany koa noho ny hetraketraka ataontsika dia maty ny tontolo iainana ary ny vokany dia mety maty miaraka aminy isika. Fa raha miara-belona sy miara-dia amin'i Jesoa isika Fianakaviam-ben'Andriamanitra, izy no Andriamanitsika, izy no fiainana, izy no fahamarinana, izy no fitiavana ho antsika ka mibebaka marina tokoa isika fa indrindra amin'izao Karemy dia ho velona isika ka ny Fanahiny no mamelona antsika sy mitantana ny fiainantsika, amin'izay ny ataontsika rehetra dia manambara fa zanak'Andriamanitra isika araka ny teny fanevan'ny Sinaody faha-7 : EGLIZY OLO VELOGNA BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Hosoavin'Andriamanitra isika noho izany ka hifanasoa sy hifanatsara, tsy manjaka intsony ny herisetra, ny fitapitaka sy ny lainga fa ny rariny sy ny hitsiny satria olona marina isika, ny fanahin'Andriamanitra no manentana antsika.

Ny Evanjely mitantara ny fananganan'i Jesoa an'i Lazara dia fantatsika tsara fa nisy ady hevitra na tamin'ny mpianatra na tamin'i Maria sy Marta na tamin'ny Jody, isika ihany koa amin'izao famakivakiantsika ny fiainantsika, amin'izao fiakarantsika manao pelerinajy an-tendrombohintra izao, amin'izao fialantsika ny fiainana izay mandrendrika antsika izay mampirefarefa antsika ka tsy hahitantsika ny anjara masoandrontsika izao dia tahaka an'i Maria sy Marta koa isika, tahaka an'ireo Jody sy ireo mpianatra koa izay niady hevitra. Hoy indrindra i Marta tamin'i Jesoa raha taty ianao Tompo dia tsy maty ny anadahiko ary izao dia fantako fa na inona na inona angatahinao amin'Andriamanitra dia homen'Andriamanitra anao izany. Izany no ataontsika amin'izao Sinaody izao ka hanasana antsika. Aza milaza intsony tsy hainay ny Sinaody. Raha tsy miroboka anaty rano isika tsy hahay lomano. Hararaotintsika izao fijanonana faha-4 famintinana ireo fijanonana 3 voalohany izao. Torak'izany koa aoka hirotsaka amin'ny fikaonandoham-pirenana isika satria sehatra iray ihany koa hijoroantsika amin'ny maha kristianina katolika antsika.

Ankoatr'izany samy mahatsapa koa isika fa amin'izao famaramparanana ny karemy izao sy amin'izao pelerinajy ataontsika izao dia maro ny zavatra mamono ny fiainantsika ka toa mahatsiaro isika fa lavitra Andriamanitra ary tahaka an'I Marta aza isika manontany an'i Jesoa hoe : ''aiza

ianao Jesoa, aiza ianao no tsy hita, maninona ianao no tsy hita, maninona izao ny fiainako amin'izao ?"

Fantaro fa milaza amintsika i Jesoa tahaka ny nataony tamin'i Marta koa : hitsangana ny anadahinao. Asa raha azontsika fa mavesa-danja io tenin'i Jesoa io. Tsy manambara -fahavelomana ihany fa tena manambara ny fiverenana amin'ny hasin'ny mahaolona. Araka ny Evanjely dia efa maimbo ny razana izany hoe very ny mahaolona nefa indro mitsangana miverina amin'ny fiainana manontolo.

Noho izany mitaky finoana amin'i Marta i Jesoa eto. Torak'izany koa mitaky finoana amintsika ihany koa Izy, izany hoe mitaky fitokisana Aminy, Izy no afaka mamelona antsika araka ny voalaza amin'ny vakiteny voalohany. Raha avelantsika eo anivontsika tokoa Izy ka, raha Izy tokoa no eo anivon'ny fiainantsika andavanandro dia afaka manangana antsika Izy na dia eo aza ny zavatra mety mampatahotra. Na ireo manodidina antsika tahaka ny nataon'ireo apostoly saika nanakivy an'i Jesoa tsy handeha any amin'ny fasan'i Lazara, anisan'izany koa ilay vavaka nataon'ny mpianatra raha nilaza tamin'i Jesoa ireo olona nampandre azy : Tompo ô marary ilay tianao. Izany hoe ilay mifandray sy miara-miaina amin'i Jesoa. Namaly izy ka nanao hoe : aretina tsy ho fahafatesana ity fa ho voninahitr'Andriamanitra. Raha tonga tany amin'ny toerana i Jesoa dia nisento tokoa satria manana fifandraisana lalina tamin'i Lazara izy. Manana fifandraisana lalina amintsika tsirairay i Jesoa ka mino aho fa misento Izy mahita ny fiainantsika tsy zarizary izao. Indro àry Izy manangana antsika. Rehefa teo anatrehan'ny fasana izy, efa nalevina i Lazara izay manambara ilay fiainana lo ary io fianana lo io dia nanjary fiainana vaovao. Izany no antenaintsika amin'izao pelerinajy ataontsika amin'ny Alahady fahadimy ny karemy izao, hiditra ao Jerosalema miaraka amin'i Jesoa isika ka ilay fiainana lo, potika dia irintsika ho fiainana vaovao.

Inona moa izany fiainam-baovao andrasantsika izany? Tsy inona fa noho ny asan'ny Fanahy Masina ka manaiky mibebaka isika dia miova ny fifandraisantsika simba. Izany hoe zary mirindra ny fifandraisantsika amin'ny zava-boaary, ny fifandraisantsika samy isika eo anivon'ny fiaraha-monina, ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Tanteraka noho ny fihavanana nentin'i Jesoa, io ilay fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao.

Izao no andro tsara, izao no androm-pahasoavana, manàtona ny Tompo àry isika. Ny tena mahavariana dia Izy no manatona antsika, tahaka ny nanatonany an'ilay vehivavy samaritana, tahaka ny nanatonany an'ilay jamba, tahaka ny nanatonany an'i Lazara androany...

Amin'izao famaramparanana ny karemy izao dia ny Evanjelin'I Md Joany no vakintsika, ireo famantarana sy fanoharana no ambaran'i Jesoa. Izy no manatona antsika ka anjarantsika ny mandray azy.

Ny ezaka ataontsika izao dia midika fanatonantsika Azy, hiakatra isika, amin'izay entintsika hiakatra tokoa ny fiainantsika, hiala amin'ny fiainana lo izay mahatonga ny fahafatesana ka mba hiaraka hitsangana amin'i Jesoa indray isika. Izany no ambaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa : "sitrak'Andriamanitra tokoa no ananantsika ny fahavelomana ao Aminy'', manome ny fanahiny, Andriamanitra ilay fanahy izay nanangana an'i Jesoa ho velona, io no manangana antsika ihany koa raha mivelona ao Aminy isika. Raha ao anatintsika i Kristy na dia maty aza ny vatana noho ny

fahotana dia velona kosa ny fanahy noho ny fahamarinana, ka ny fiombonantsika amin'i Kristy na dia tsy maintsy ho maty ny vatana dia fiainam-baovao ao amin'i Kristy no antenaintsika.

Aoka àry hosokafintsika ny saintsika, ny fontsika amin'izao fiomanantsika akaiky dia akaiky amin'ny Paka izao, raha midina isika nahavita ny pelerinajy avy amin'ny "la montagne" fa indrindra isika eto Antsiranana dia midina amin'ny fiainantsika andavanandro, aoka mba ho fiainana vaovao, ilay fiainana "maimbo", lo noho ny haratsiana maro isan-karazany noho ny fahafatesana sy ny fahotana. Aoka ho départ vaovao vokatr'izao Sinaody izao. Hiova noho izany ny fifandraisana amin'ny tontolo iainana, tontolom-piainana, tontolom-pinoana. Izay ihany koa no antenaintsika amin'izao fikaonandoham-pirenena izao...

Raha hanangana an'i Lazara i Jesoa dia maimbo ny fatin'i Lazara dia niova ho fiainam-baovao, izay manambara koa ny fitsanganantsika ao amin'i Jesoa. Tsy hoe tsy maty intsony tahaka an'i Jesoa i Lazara natsangana, ho faty i Lazara fa famantarana fa raha ao amin'i Jesoa tokoa isika, raha mino azy isika na dia maty aza dia ho velona tokoa ao amin'i Jesoa araka ny voalazany hoe : "raha mino aho ianareo na dia maty aza dia ho velona indray".

Raha mino an'i Jesoa isika, rehefa midina avy any amin'ny la montagne, na dia eo aza ny fiainana sarotra manambara ny fiainana lo noho ny fahotantsika, raha mibebaka tokoa isika dia hatsangan'Andriamanitra isika hijoro manambara ny fiainam-baovao ao aminy izay antenaintsika rahateo.

Enga anie ianao tokoa ry Jesoa no hanentana ny fiainanay ka ny fanahinao tahaka nataonao tamin'ireo famantarana ao amin'ny bokin'i Ezekiela, omeo anay ny fanahinao dia ho velona izahay ary Ianao no Andriamanitray ary izahay fianakaviam-benao ka na dia maty amin'ny fahotana aza izahay dia hatsanganao ho velona ho zanak'Andriamanitra ao aminao. Enga anie izao fiomananay akaiky dia akaiky amin'ny Paka izao dia i Jesoa hanampy anay bebe kokoa amin'ny ezaka rehetra ilainay amin'ny fiainanay tsizarizary, amin'ny fiainana mitondra anay amin'ny herisetra ka mahatonga anay mifanapotika sy mifamono. Mba ho fiainam-baovao ao aminao anie izahay.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, ianao tokoa no fiainanay sy fananganana ho anay, tahaka ny nanangananao an'i Lazara dia mba atsangano koa izahay hiala amin'ny fahafatesan'ny fahotana izay tsy miafina Aminao fa miteraka korontana eo amin'ny fiainanay andavanandro. Tsy miafina aminao ireny korontana eo ao amin'ny zava-boary ireny ka raha mbola mitohy izao dia ho potika izahay sy ny taranakay. Tsy ampy an'izany ihany fa noho ny Tranobe robaka dia tsy mitodika amin'ny hafa izahay fa mitodika amin'ny tenanay. Manjaka ny fitiavan-tena, fialonana, avonavona… ka mifanilika, mifamono, hetraketraka no hita… Ampio izahay hibebaka, hiova fo…ka hifanasoa sy hifanatsara. Ny Fanahinao Masina anie hamelona anay ao aminao, ka hijoroanay amin'ny fiainana tsy mety maty intsony. Masina Maria Reny tahio, tantano izahay hiroso hanatona an'I Jesoa mba hovelominy tahaka an'i Lazara ka na dia efa simba, maimbo aza ny fiainanay dia ho velona indray hanambara ny Vaovao Mahafaly tahaka anao, ho Tabernakla velona. Md Josefa mivavahà ho an'ny fianakaviana mba ho tena Eglizy kely tokoa ho manitra ny vavaka sy ny asa soa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson